UNIS POUR UN MEILLEUR AVENIR

AFAFI - CENTRE

PROGRAMME D'APPUI AU FINANCEMENT DE L'AGRICULTURE ET AUX FILIÈRES INCLUSIVES AUTOUR D'ANTANANARIVO MADAGASCAR (AFAFI-Centre)

AIZA SY AHOANA NO ANAOVANA NY TANIN-JANAKAZO ?

ENY AMIN'NY TOERANA MANAKAIKY NY TANÀNA SY MORA AHAZOANA RANO NO HANANGANANA NY TANIN- JANAKAZO



FEFENA NY TANIN-JANAKAZO ARY MILA DIOVINA IREO LOBOLOBO MANODIDINA SY IREO HAZO MANALOKALOKA SY METY HITONDRA ARETINA

RAHA MISOLAMPY NY TANY (EN PENTE) DIA MILA ARENINA HO LASA MARINDRANO NA ATAO MIENDRIKA TOTOHATRA



FANANGANANA FATANA (PLATE-BANDE)
MIENDRIKA MAHITSIZORO NY FATANA :
1M NY SAKANY ARY MIANKINA AMIN'NY HABEAN'NY TANY NY HALAVANY



ATAO MANARAKA NY LALAN'NY MASOANDRO NY FITODIKY NY FATANA (PLATE-BANDE) IZANY HOE AVY ANY ATSINANANA MIAKANDREFANA

MISY KARAZANY ROA NY FATANA : FATANA FAMAFAZANA SY FATANA FANETSANA

1- FATANA FAMAFAZANA
- ASINA BIRIKY NA TOVO-PETA NA HAZO NY SISINY MANODIDINA
- ATAO MARINDRANO SY DAMAINA TSARA NY FANAMBANINY



RAKOFANA TAHARO 10-15SM AHAFAHANA MAMAFY

II- FATANA FANETSANA :
- HODIDININA BIRIKY NA TOVO-PETA NY MANODIDINA
- ATAO MARINDRANO SY DAMAINA TSARA NY FANAMBANINY



FANOMANANA NY TAHARO
- NY TAHARO DIA AMPIASAINA @ FAMAFAZANA SY FANETSANA
- FANGARONY ANKAPOBEANY : 1/3 TANY, 1/3 FASIKA, 1/3 ZEZI-PAKO



- SIVANINA AVOKOA IREO KASINGA TELO IREO VAO AMPIASAINA
- AFANGARO TSARA IREO KASINGA TELO IREO MIALOHA NY AMPIASANA AZY

AIZA NY AHITANA NY VOA HO AN'NY FAMAFAZANA?

AMBIOKA TSARA KALITAO NO AMPIASAINA. IREO TOERANA VOATOKANA MPAMATSY IZANY NO HIVIDIANANA AZY (FOFIFA, SNGF, SNS)



RAHA ENY AN-TOERANA NO HAKA AMBIOKA, DIA IRETO NY FEPETRA
- HAZO MARO (NA ATIALA) NO HAKANA NY AMBIOKA KA NY ENY AMIN'NY SAMPANY AMBONY SY MATOY IHANY NO ALAINA
- TSY AZO ATAO NY MAKA IREO AMBIOKA ENY AMIN'NY SAMPANY AMBANY
- TSY AZO ATAO IHANY KOA NY MAKA AMBIOKA AMIN'IREO HAZO VITSY NA MITOKANA ARY IREO HAZO MARARY SY RATSY BIKA



FAMAFAZANA KININA (VOA MADINIKA)
VOALOHANNY OKTOBRA NO FAMAFAZANA VOALOHANY ARY TAPAKY NY OKTOBRA NY FAMAFAZANA FAHA-2



FAMAFAZANA KININA (AMBIOKA MADINIKA)

- VOA IRAY SOTRO NO AFAFY AMIN'NY TOERANA 1M² ARY ATAO MIPARITAKA TSARA
- RAKOFANA FASIKA AVY HATRANY EO AMBON'ILAY FAFY

ARY ATAO IN-DROA AVO HENINNY HABEHAN'NY VOA KININA NY HATEVENANY



TONDRAHANA AMIN'NY PULVÉRISATEUR NY FAFY FA TSY SINY

RAKOFANA BOZAKA NY FAFY
RAHA VAO MANOMBOKA MITSIRY DIA AKARINA NY RAKOTRA



ATAO MIAINGA KELY SAHOBO 2 – 5 Sm NY RAKOTRA

FAMAFAZANA MAKILATA (AMBIOKA VAVENTY)

ALAHATRA AVY HATRANY AO ANATY FATANA FANETSANA NY KITAPON-JANAKAZO EFA NOFENOINA TAHARO



VOA ROA ISAKY NY KITAPO NO ASITRIKA ARY ROA AVO HENIN'NY HABEAN'ILAY VOA NY HANITRIHANA AZY



SARONANA BOZAKA ARY TONDRAHANA



ASIANA TSATOKA MANODIDINA NY FATANA AMETRAHANA ALOKALOKA

FOMBA FANETSANA ZANAKAZO

REHEFA TAPITRA MITSIMOKA NY ZANAKAZO DIA ANESORANA TSIKELIKELY NY BOZAKA (ANIFISINA)



REHEFA TENA MATANJAKA NY ZANAKAZO DIA ESORINA TANTERAKA NY ARO-MASOANDRO

REHEFA LEHIBE SAHABO HO 4-5 RAVINA NY ZANAKAZO VAO AZO AFINDRA KA RIHANA 2 NA 3 MIANTAONA NY RAVINY



FOMBA FANESEHANA KITAPON-JANAKAZO (POTS)

NY KITAPON-JANAKAZO DIA MIREFY 8SM X 15SM AHAFAHANY MITOMBO MANDRA-PAMBOLY AZY



AFATRATRA TSARA TSY ATAO GORAGORA ARY ASIANA LAVAKA



TSARA RAHA PANGARO TANY, TANY MANGA, ZEZI-PAHITRA ARY FASIKA NO AMPIASAINA



FAMOAHANA NY ZANAKAZO AMBOLENA

REHEFA MAHATRATRA 15 - 20SM NY ZANAKAZO DIA AFAKA AVOAKA AMBOLENA KA TONDRAHANA SY LOMANA RANO TSARA MIALOHAN'NY HITATERANA AZY MAKENY AMIN'NY TANIMBOLY



Maître d'ouvrage | Maître d'oeuvre | Opérateurs